# 365Tantara 53.Tovovavy kely kolombianina•



# 53. Ny tovovavy kely kolombianina

Nisy tovovavy kely kolombianina iray nahazo testamenta vaovao tao amin'ny sekoliny.

Izy dia liana tamin'izy ity, fa indray andro dia tratran'ny rainy namaky azy izy ary nandidy azy hitsahatra hamaky io boky io, ny antony dia "feno lainga sy zavatra hafahafa". Kanefa ilay
tovovavy tsy nitsahatra namaky azy,



nisy andro iray tonga tampoka tao an-trano ny rainy, nahita azy niaraka amin'ilay testamenta vaovao, nalainy ankeriny teny an-tànany ilay izy dia nataony am-paosiny.

Ny rainy izay injeniera momban’ ny harena ankibon'ny tany dia niverina teny amin'ny toeram-piasany.



Ora maro taty aoriana dia naneno ny anjombona tao amin'ilay fikambanana momban' ny harena ankibon'ny tany, manambara fa misy fietrena ao amin'ilay tany misy mineraly.



Ny mpamonjy tsy tonga tao amin'ny nisy olona ratsy afaka dimy andro fa efa tara loatra tsisy velona tamin'izy 31 lahy, anisan'izany ny rain'ilay tovovavy kely.



Mahagaga anefa, rehefa nahita azy ny mpiasa dia ilay testamenta vaovao nofihininy tao antànany izay mitambatra amin' ny vavaka. Rehefa nanokatra ity testamenta vaovao ity izy ireo dia nahita taratasy kely milaza hoe: "Ho an'ny zanako vavy, aza mitsahatra ma-maky ity testamenta vaovao ity, izy no fahamarinana, ho hitako any an-danitra ianao indray andro".

Ao ambadik'ilay taratasy, nanao sonia ny fanoloran-tenany ny rainy rehefa avy nivavaka amin'ny fibebahana nefa tsy mbola vita hatreo ilay tantar. Ary ianao ry mpihaino, moa ve nanao sonia an'io taratasy io ianao, io fanoloran-tena manambara fa natolotrao an'ny Tompo ny fiainanao? Aza misalasala, aza miandry, androany no andron'ny famonjena, androany no afaka mihaona amin'ny Tomponao ianao.